

LETTRE DE CADRAGE RELATIVE AU PROJET DE LOI DE FINANCES INITIALE 2027

Pour l'année 2027, le projet de budget s'inscrit dans un contexte particulier, marqué à la fois par la poursuite de la relance économique, la tenue des élections, ainsi que la phase de consolidation progressive des efforts de reconstruction et de refondation de la République. Ces prévisions accordent une attention particulière au renforcement de la résilience face aux risques climatiques susceptibles d'affecter les perspectives économiques, notamment ceux liés au phénomène El Niño.

Le cadrage macroéconomique prévoit en 2027 une croissance économique de 5,1 %, portée notamment par la relance des activités productives, le soutien de l'investissement, l'appui du capital humain, le soutien aux efforts de reconstruction ainsi que le développement des principaux moteurs de croissance.

Dans ce contexte, le Gouvernement de la Refondation entend poursuivre les efforts engagés en faveur de la relance économique tout en veillant à la préservation des équilibres des finances publiques. Ainsi, les orientations budgétaires retenues privilégient la consolidation de la mobilisation des recettes intérieures et l'amélioration de l'efficacité de la dépense publique dans le respect des trajectoires macro budgétaires définies.

Concernant la préparation des élections, le PLFI 2027 prévoit les dotations nécessaires à la préparation de la tenue du référendum et de l'élection présidentielle permettant d'assurer la continuité des services publics et la mise en œuvre des priorités de l'action gouvernementale reflétant la stabilité.

Par ailleurs, compte tenu des risques associés au phénomène El Niño et à leurs éventuelles répercussions sur les conditions climatiques à Madagascar, les départements ministériels et les institutions sont appelés à intégrer, dans leurs prévisions budgétaires, les mesures de prévention, d'adaptation et de préparation nécessaires, en tenant compte de leurs missions respectives et des vulnérabilités propres à chaque secteur à faire face aux éventuels chocs climatiques, et à limiter leurs conséquences économiques et sociales.

PRINCIPALES ORIENTATIONS DU PLFI 2027

À l'issue des concertations et assises nationales organisées dans le cadre de la Refondation de Madagascar, le PLFI 2027 poursuit la mise en œuvre des priorités définies dans le PGE-R et le Plan de Mise en Œuvre (PMO). Dans cette dynamique figure les principales orientations évoquées ci-après :

- **La poursuite de la relance économique**, à travers le soutien au secteur privé, à l'entrepreneuriat, à la création d'emplois. Les propositions budgétaires privilégient les actions favorisant la production, l'investissement, l'entrepreneuriat et la création d'emplois, ainsi que l'amélioration des conditions de vie de la population. Une attention particulière est apportée aux projets soutenant l'emploi et l'insertion des jeunes, ainsi que les actions permettant de renforcer les capacités productives pour une croissance durable.
- **La transition énergétique et le soutien à la Jirama** contribue à renforcer la sécurité énergétique et l'accès à une énergie fiable et abordable, condition essentielle de la relance économique et du développement des territoires. Les priorités portent notamment sur la réduction des délestages, le renforcement des capacités de production et des réseaux, l'extension de l'accès à l'électricité, notamment

en milieu rural, ainsi que le développement des énergies renouvelables et des infrastructures hydroélectriques.

- ***L'organisation et la tenue des élections***, notamment le référendum et l'élection présidentielle. Leur préparation et leur tenue constituent une priorité de l'État et nécessitent la mobilisation de moyens budgétaires appropriés. Les dépenses y afférentes sont intégrées dans la programmation budgétaire sur la base d'une identification, d'une justification et d'une évaluation précises des besoins. Ces dépenses sont distinguées des dépenses liées aux missions permanentes des départements ministériels et des institutions dans le respect des principes de sincérité, de transparence et de soutenabilité budgétaire.

- ***La poursuite de la déconcentration et de la décentralisation budgétaire*** à travers le renforcement de l'appui budgétaire aux Collectivités Territoriales Décentralisées (CTD) et aux Services Techniques Déconcentrés (STD) ne peut être pleinement effective que si elle se traduit dans les priorités budgétaires. Cette démarche permet de rapprocher davantage les décisions, les responsabilités et les ressources des territoires, afin de prendre en compte leurs réalités et leurs besoins dans la programmation. Elle vise à assurer une meilleure cohérence entre les priorités nationales, les besoins réels au niveau local, les impératifs de relance économique et l'amélioration concrète des conditions de vie de la population.

- ***La poursuite des concertations nationales*** en vue de la Refondation de Madagascar constitue un levier essentiel pour consolider la dynamique de dialogue, de participation et de construction collective engagée à l'échelle nationale. À ce titre, la programmation budgétaire pour 2027 tient compte, dans la mesure du possible, des recommandations et des priorités issues des différentes concertations et assises nationales, en veillant à leur cohérence avec les orientations du PGE-R et du PMO, ainsi qu'avec les capacités financières de l'État. Cette démarche vise à favoriser une meilleure appropriation des politiques publiques par les parties prenantes et à assurer une traduction progressive des engagements issus du processus de Refondation en actions concrètes, cohérentes et soutenables.

- ***La mobilisation des ressources et élargissement de l'espace budgétaire*** demeure une condition essentielle de la réalisation des priorités du Gouvernement de la Refondation. Le PLFI 2027 entend poursuivre les efforts visant à améliorer le rendement des recettes fiscales et douanières et la mobilisation des recettes non fiscales, d'élargir l'assiette fiscale ; de renforcer la conformité et le civisme fiscal ; renforcer la digitalisation et la sécurisation des procédures de recettes. L'augmentation de l'espace budgétaire permettra de financer en priorité les dépenses contribuant directement aux objectifs de développement et de relance économique.

Par ailleurs, dans un contexte de ressources limitées, il ne s'agit pas de répondre à toutes les demandes simultanément, mais de définir des priorités et de mieux orienter les ressources vers les actions susceptibles de produire des résultats concrets. Les résultats des Conférences Budgétaires Régionales (CBR) sont, dans la mesure du possible, valorisés dans la préparation des propositions budgétaires et la priorisation des investissements.

- ***Le renforcement de la résilience face aux risques climatiques, notamment ceux liés au phénomène El Niño***, constitue une orientation transversale pour 2027. Ainsi, une attention particulière sera accordée aux actions des Ministères/Institutions contribuant à réduire les coûts futurs des catastrophes tout en préservant la capacité financière à répondre aux besoins urgents.

- ***En matière de dépenses, « des dépenses orientées vers les résultats » :***

La préparation du PLFI 2027 s'inscrit dans la poursuite des orientations du PGE-PMO/R, tout en tenant compte des contraintes macroéconomiques et des ressources disponibles. Dans cette perspective, les dépenses sont programmées pour contribuer concrètement à la relance économique, à l'amélioration des

conditions de vie de la population et à l'efficacité de l'action publique. La qualité des dépenses, l'impact économique et social des projets ainsi que leur capacité de mise en œuvre constituent ainsi des éléments importants dans la définition des priorités budgétaires.

Cette approche tient également compte des dépenses obligatoires, de l'apurement des arriérés dûment justifiés et des contreparties nécessaires à la réalisation des projets de l'Etat. Elle vise à améliorer la fiabilité des prévisions et à limiter les besoins de prise en charge en cours d'exercice. Les projets d'investissement public s'inscrivent, pour leur part, dans le cadre des dispositions en vigueur relatives à la Gestion des Investissements Publics (GIP).

Dans cette même logique, les principales orientations de programmation portent notamment sur les aspects suivants :

- **En ce qui concerne les dépenses de solde (catégorie 2)**, le Gouvernement poursuivra sa politique de maîtrise et de pilotage de la masse salariale. L'évolution des crédits par ministère tiendra compte des départs à la retraite, des avancements, des secours aux décès, de l'incidence en année pleine des mesures adoptées en 2026, notamment l'instauration de l'indemnité de logement et la revalorisation des indemnités de craie dans le secteur de l'Éducation et des indemnités de risque dans celui de la Santé, ainsi que des incidences financières des nominations et des rapatriements de personnels en poste à l'étranger.

Les recrutements seront ciblés et prioritairement orientés vers les secteurs sociaux, les ministères chargés de la sécurité et de la justice, ainsi que les domaines de l'agriculture, de l'élevage, de la pêche, de la protection de l'environnement et des travaux publics. Ils contribueront également à la mise en œuvre effective de la décentralisation, en cohérence avec les priorités nationales en matière de développement humain, de souveraineté alimentaire, de préservation des ressources naturelles, de développement des infrastructures et de renforcement de la gouvernance territoriale, dans le respect des contraintes budgétaires.

- **En matière d'indemnités**, les crédits proposés sont maintenus au niveau inscrit dans la LFR 2026. Le principe de la programmation réside dans le fait que seules les indemnités disposant d'un fondement réglementaire à la date de préparation du PLFI 2027 peuvent être prises en compte.
- **En matière de biens et services**, la programmation veut s'assurer de l'équilibre entre les besoins prioritaires et la maîtrise des dépenses. La hausse constatée s'explique par les prévisions des besoins principalement liés à l'organisation des élections.
- **En matière de transferts**, les dépenses couvrent notamment l'apurement des arriérés IPPS et du GPM. Il est prévu par ailleurs le renflouement du Caisses de Retraite, ainsi qu'une subvention à la JIRAMA et une provision pour le solde de lissage.
- **En matière d'investissements financés sur fonds propres (ou PIP sur Financement Interne)** l'augmentation des inscriptions est orientée vers la réalisation de la route Volobe ainsi que le soutien au secteur énergétique à travers le projet Ascent. Il est prévu également des crédits pour honorer les contreparties des projets et programmes, notamment au titre du DTI, du RPI et de la TVA, ainsi que les provisions d'indemnisation liées aux projets d'investissement public.

En conclusion, le PLFI 2027 concilie les exigences de relance et de transformation de l'économie, de renforcement de l'action publique en particulier au niveau territorial, de préservation des équilibres

macroéconomiques et budgétaires et d'amélioration des conditions de vie de la population, tout en assurant la prise en charge des priorités nationales liées au contexte particulier de l'année 2027.

Tel est, Monsieur le Premier Ministre, Chef du Gouvernement de la Refondation, Mesdames et Messieurs les Membres du Gouvernement de la Refondation, l'objet de la présente lettre que j'ai l'honneur de soumettre à votre approbation.

Fait à Antananarivo, le **20 OCT 2026**

Le Ministre de l'Economie et des Finances



Dr RAMIARISON Herinjatovo Aimé

TOROLALANA ARA-TOEKARENA ANKAPOBENY SY ARA TETIBOLA MOMBA NY VOLAVOLAN-DALÀNA MIFEHY NY TETIBOLAM-PANJAKANA HO AN'NY TAONA 2027

Ny torolàlana momba ny rafitra ara-toekarena ankapobeny sy ara-tetibola ity dia mamaritra ireo fironana ara-stratejika lehibe sy ara-tetibola fototra izay hitarika ny fandrafetana ny Lalàna momba ny teti-bola ho an'ny taona 2027. Ity volavolan-dalàna momba ny teti-bola ho an'ny taona 2027 dia tanterahina ao anatin'ny toe-draharaha manokana, izay voamarika amin'ny fitohizan'ny ezaka ho amin'ny fanarenana ara-toekarena, ny fanatanterahana ny fifidianana, ary ny fanohizana ny ezaka amin'ny fanavaozana ny Repoblika.

Ny rafitra ara-toekarena ankapobeny dia manondro ny fitomboan'ny toekarena ho 5,1 % amin'ny taona 2027, izay tarihin'ny asa famokarana, ny fampiasam-bola, ny fanohanana ny renivola maha-olona, ny fanohanana ireo ezaka fanarenana, ary ny fampandrosoana ireo sehatra lehibe mampiroborobo ny fitomboan'ny hari-karena.

Arak'izany, ny Governemantan'ny Fanavaozana dia mikendry ny hanohy ireo ezaka natomboka hanarenana ny toekarena, sady miantoka ny fifandanan'ny fitantanam-bolam-panjakana. Vokat'izany, ireo tari-dàlana noraisina momba ny tetibola dia manome lanja ny fanamafisana ny fidiram-bola anatin'ny sy ny fanatsarana ny fahombiazan'ny fandanianana ho an'ny daholobe, mifanaraka amin'ny rafitra ara-toekarena sy ara-tetibola efa voafaritra.

Mikasika ny fanomanana ny fifidianana, ity volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2027 ity dia mamaritra ireo famatsiam-bola ilaina amin'ny fanomanana sy fanatanterahana ny fitsapan-kevi-bahoaka ary ny fifidianana Filohan'ny Repoblika, izay miantoka ny fitohizan'ny asa fampandehanan-draharaham-panjakana sy ireo laharam-pahamehan'ny Governemanta izay maneho ny fitoniana.

Ankoatra izany, mikasika ny loza mety ateraky ny tranga El Niño sy ny mety ho fiantraikany amin'ny toetry ny andro sy ny toetr'andro eto Madagasikara, dia antsoina ireo Minisitery sy Andrim-panjakana mba hampiditra ao anatin'ny vinavinan'ny tetibolany ny fepetra ilaina amin'ny fisorohana, ny fampifanarahana ary ny fiomanana, arakaraka ny andraikitra sahanin'izy ireo sy ny faharefoan'ny sehatra tsirairay manoloana ireo mety ho dona ateraky ny fiovaovan'ny toetr'andro, mba hampihenana ny voka-dratsy ara-toekarena sy ara-tsosialy mety haterak'izany.

IREO TOROLALANA FOTOTRA MOMBA NY VOLAVOLAN-DALÀNA MIFEHY NY TETIBOLAM-PANJAKANA HO AN'NY TAONA 2027

Taorian'ireo fikaonandoha sy dinika nasionaly nifanesy natao tao anatin'ny sehatry ny Fanavaozana an'i Madagasikara, ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2027 dia manohy ny fanatanterahana ireo laharam-pahamehana voafaritra ao amin'ny Politika Ankapobeny momba ny Fanarenana (PGE-R) sy ny Drafitra Fampiharana (PMO). Ireto avy ary ireo tari-dàlana fototra amin'ny fanomanana ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2027:

- **Fanohizana ny ezaka fampiroboroboana ny toekarena**, amin'ny alalan'ny fanohanana ny sehatra tsy miankina, ny fandraharahana ary ny famoronana asa. Ireo tolo-kevitra momba ny tetibola dia manome laharam-pahamehana ireo hetsika mampiroborobo ny famokarana, ny fampiasam-bola, ny fandraharahana, ny famoronana asa, ary koa ireo fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina. Omena lanja manokana ireo tetikasa mitondra famoronan'asa sy ny

fampidirana ny tanora eo amin'ny sehatry ny asa, ary ireo tetik'asa manamafy ny fahafaha-mamokatra, ho fototry ny fitomboan'ny harikarena maharitra.

- **Ny fiampitana tsikelikely ho amin'ny angovo maharitra sy ny fanohanana ny Jirama** dia manampy amin'ny fanamafisana ny fiarovana ny angovo sy ny fahazoan'ny rehetra angovo azo antoka sy taka-bidy, izay anisan'ny fepetra ilaina amin'ny fanarenana ny toekarena sy ny fampandrosoana isam-paritra. Anisan'ireo laharam-pahamehana amin'izany ny fampihenana ny fahatapahan-jiro (na *délestage*), ny fanamafisana ny fahafaha-mamokatra sy ny fotodrafitrasan'ny tambajotram-pamatsiana angovo, ny fanitarana ny fahazoana herinaratra indrindra any ambanivohitra, ary ny fampandrosoana ireo angovo azo havaozina sy ireo fotodrafitrasa famokarana herinaratra avy amin'ny fotodrafitrasa famokarana herinaratra avy amin'ny rano.
- **Ny fandaminana sy ny fanatanterahana ny fifidianana**, indrindra ny fitsapan-kevi-bahoaka sy ny fifidianana Filohan'ny Repoblika dia isan'ireo laharam-pahamehan'ny Fanjakana. Mitaky ny fanetsiketsehana ireo loharanom-bola ara-tetibola mifanaraka amin'izany ny fanomanana sy ny fanatanterahana azy ireo. Ny fandanianana mifandraika amin'izany dia ampidirina ao anatin'ny fandrindrana ny tetibola, mifototra amin'ny famaritana mazava, ny fanamarinana ary ny fanombanana marina ny filàna. Ireo fandanianana ireo dia miavaka amin'ireo fandanianana mifandraika amin'ny asa sy andraikitra raikitra sahanin'ireo Departemanta Minisiterialy sy ireo Andrimpanjakana isan-tsokajiny, ho fanajana ny foto-kevitra ny fahamarinan'ny vinavinan'ny tetibola, ny mangarahara ary ny fiantohana ny faharetan'ny fifandanjana ara-tetibola.
- **Ny fanohizana ny dingan'ny fanapariaham-pahefana sy ny fitsinjaram-pahefana ara-bola**, amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fanohanana ara-tetibola ho an'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (CTD) sy ireo sampan-draharaham-paritra ara-teknika (STD), dia tsy ho tanteraka raha tsy hita taratra ao anatin'ireo laharam-pahamehana ara-bola izany. Izany fomba fiasa izany dia mikendry ny hampanakaiky kokoa ny fanapahan-kevitra, ny andraikitra ary ny loharanom-bola eny ifotony, mba hahafahana mandray an-tanana ireo filàn'izy ireo eo amin'ny fanomanana ny tetibola. Tanjona amin'izany ny fifanarahana ny laharam-pahamehana nasionaly, ny tena filàna eny ifotony, ny fepetra takian'ny fanarenana ny ara-toekarena ary ny fanatsarana azo tsapain-tanana ny fari-piainan'ny mponina.

Ankoatr'izany, nohon'ny maha voafetra ny loharanom-bola dia tsy ny famaliana ireo fangatahana rehetra indray miaraka no tanjona, fa ny famaritana mazava ireo laharam-pahamehana sy ny fitarihana ireo loharanom-bola ho amin'ny hetsika ahazoana vokatra mivaingana kokoa. Ny vokatra ny fikaonandoha isam-paritra momba ny tetibola na ny CBR dia ampiasaina, arak'izay azo atao, amin'ny fanomanana ny tolo-kevitra momba ny tetibola sy amin'ny famaritana ireo laharam-pahamehana amin'ny fampiasam-bola.

- **Ny fanohizana ny fikaonandoham-pirenena**, ho fanatanterahana ny Fanavaozana ifotony an'i Madagasikara dia anisan'ny paikady lehibe hanamafisana ny dinika, ny fandraisan'anjaran'ny rehetra ary ny fanorenana iombonana efa natomboka manerana ny firenena. Araka izany, ny fandrafetana ny tetibola ho an'ny taona 2027 dia mandray an-tanana, araka izay azo atao, ireo tolo-kevitra sy laharam-pahamehana nivoitra nandritra ny fifampidinihana sy ny fikaonandoham-pirenena samihafa, ka hojerena manokana ny fampifanarahana azy ireo amin'ny toromarika ankapobeny voafaritana ao amin'ny PGE-R sy ny Drafy-panatanterahana izany (PMO), ary koa amin'ny fahafaha-manaon'ny Fanjakana ara-bola. Izany fomba fiasa izany dia mikendry ny hanamora ny fandraisan'ireo mpiara-miombon'antoka sy ny vondron-kery samihafa an-tanana ny politika ampahibemaso, ary hiantohana ny fandikana tsikelikely ireo

fanoloran-tena nivoitra tamin'ny dingana Fanavaozana ifotony ho lasa asa mivaingana, mirindra ary maharitra ara-bola.

- **Fanetsehana ny loharanom-bola sy fanitarana ny fahafahana ara-tetibola** dia anisan'ny fepetra fototra ahafahana manatanteraka ireo laharam-pahamehan'ny Governemantan'ny Fanavaozana. Ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2027 dia mikendry ny hanohy ireo ezaka fanatsarana ny vokatry azo avy amin'ny hetra sy ny haban-tseranana ary ny fampidiram-bola tsy avy amin'ny hetra ary ny fanitarana ny sehatra iharan'ny hetra. Hohamafisina ihany koa ny fanajana ny adidy ara-ketra sy ny toe-tsaina maha-olom-pirenena amin'ny lafiny hetra, ary koa ny fampiroboroboana ny fampiasana ny teknolojia nomerika sy ny fiarovana ireo dingana sy fomba fiasa amin'ny fanangonana ny vola miditra. Ny fanitarana ny sehatra ara-bola dia ahafahana mamatsy vola ireo laharam-pahamehana, sy ireo fandania izay mandray anjara mivantana amin'ny fanatrarana ny tanjona momba ny fampandrosoana sy ny fanarenana ara-toekarena.
- **Ny fanamafisana ny fahazakana sy ny fiatrehana ny loza ara-toetr'andro, indrindra ireo mifandraika amin'ny tranga El Niño**, dia anisan'ny toromarika iraisan'ny sehatra rehetra ho an'ny taona 2027. Araka izany, dia homena lanja manokana ireo hetsika sy fepetra ataon'ny Minisitery sy ny Andrim-panjakana izay mikendry ny hampihenana ny fandania mety hateraky ny loza amin'ny ho avy, sady mitandro ny fahafahana ara-bola hamaliana ireo filàna maika.
- **Mikasika ny fandania: « Fandania mitondra vokatry » no lalantsaina iorenan'ny fandania.** Ny fanomanana ny volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2027 dia manohy ny fampiharana ireo toromarika napetraky ny PGE-PMO/R, sady manaraka ireo fepetra ara-toekarena ankapobeny ary ny loharanom-bola misy. Araka izany, ny fandania dia harindra mba hitondra vokatry amin'ny famelomana indray ny toekarena, ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina ary ny fahombiazan'ny asam-panjakana. Noho izany, ny kalitaon'ny fandania, ny fiantraikany ara-toekarena sy ara-tsosialin'ny tetikasa, ary ny fahafahana manatanteraka azy ireo no anisan'ny mason-tsivana lehibe amin'ny famaritana ireo laharam-pahamehana amin'ny tetibola.

Ao anatin'izany paikady izany ihany koa no hanatanterahina ny fandoavana ireo trosa miangona efa voamarina sy ara-drariny, ary ny fandraisan'ankaran'ny Fanjakana ilaina amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa. Ny tanjona amin'izany dia ny hanatsarana ny fahamarinan'ny vinavina ara-tetibola sy ny hamerana ny filàna fandania fanampiny tsy voavinavina mialoha mandritra ny taom-piasana. Ho an'ireo tetikasa fampiasam-bolam-panjakana kosa, dia manaraka ny fepetra manan-kery momba ny Fitantanana ny Fampiasam-bolam-panjakana na ny *Gestion des Investissements Publics - GIP*.

Araka izany, dia ireto avy ireo toromarika lehibe momba ny fandrindrana ny tetibolan'ny fandania:

- **Mikasika ny tambiny sy ny tambin-karama**, tazonina ho mitovy amin'ny vola voasoratra ao amin'ny Lalàna Fanitsiana ny Tetibolam-panjakana 2026 (LFR 2026) ny tetibola atolotra. Ny fitsipika arahina dia ny tsy fampidirana afa-tsy ireo tambiny sy tambin-karama manokana izay manana fototra ara-dalàna sy ara-pitsipika manankery amin'ny fotoana anomanana ny PLFI 2027.

- **Mikasika ny entana sy ny tolotra**, ny fandrindrana ny tetibola dia mikendry ny hitandroana ny fifandanjana eo amin'ireo filàna laharam-pahamehana sy ny fifehezana ny fandania. Ny fisondrotan'ny vola voavinavina amin'ity sokajim-pandania ity dia hazavaina indrindra amin'ny filàna mifandraika amin'ny fikarakarana ny fifidianana.
- **Mikasika ny famindram-bola**, ny fandania dia ahitana indrindra ny fandoavana ireo trosa miangona mbola tsy voaloha mifandraika amin'ny IPPS sy ny GPM. Ankoatra izany, dia vinavinaina ny famenoana ny tahirim-bola ho an'ny fisotroan-dronono, ny fanomezana fanampiana ara-bola ho an'ny JIRAMA, ary ny fametrahana tahiry hoentimiantoka ny « *solde de lissage* ».
- **Mikasika ny fampiasam-bolam-panjakana vatsiana amin'ny loharanom-bola anatiny**, ny fitomboan'ny vola natokana ho amin'izany dia mifantoka amin'ny fanatanterahana ny tetikasa fanamboarana ny lalana Volobe ary ny fanohanana ny sehatry ny angovo amin'ny alalan'ny Tetik'asa Ascent. Ankoatra izany, dia vinavinaina ny fametrahana sora-bola ho an'ny fandraisan'anjaran'ny Fanjakana amin'ny famatsiam-bola ny tetikasa sy ny fandaharanasa, indrindra ireo mifandraika amin'ny DTI, ny RPI ary ny TVA, ary koa ny famatsiam-bola ho an'ny fanonerana mifandraika amin'ireo tetikasa fampiasam-bolam-panjakana.

Ety am-pamaranana, ny ny volavolan-dalàna momba ny Tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2027 dia mampifandray ny fepetra takian'ny fanarenana sy ny fanovàna ny toekarena, ny fanamafisana ny asa ataon'ny Fanjakana, indrindra ny eny anivon'ny faritra sy ny vondrom-paritra, ny fitandroana ny fifandanjana ara-toekarena ankapobeny sy ara-tetibola, ary ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina, sady koa mandray an tàna ireo laharam-pahamehana nasionaly mifanaraka amin'ny toe-javatra manokana iainan'ny firenena mandritry ny taona 2027.

Izany, Andriamatoa Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblikan'i Madagasikara, Andriamatoa isany Mpanolotsaina Avon'ny Fanavaozana ny Repoblikan'i Madagasikara, Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, ary ianareo Mpikambana ao amin'ny Governemanta, no votoatin'ity taratasy torolàlana ara-toekarena ankapobeny sy ara-tetibola momba ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2027 ity, izay atolotra am-panajana ho ankatoavina.

Antananarivo, faha

20 OCT 2026

Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola



Dr RAMIARISON Herinjatovo Aimé